# Lesona 7: Vavaka lainana

## A. Mivavaka ao anatin'ny krizy

1. 1 Mpanjaka 18:37 Ahoana ny hevitrao momba ny vavaka nataon'i Elia nndritra ny fotoan-tsarotra teo amin'ny Israely?
2. Ahoana no namalian'i Jehovah Andriamanitra ny vavaka tsotra nataon'i Elia ary ahoana no nasetrin'ny olona navory teo an-tendrombohitra Karmela? 1 Mpanjaka 18:38
3. Ahoana ny vavaka nataon'i Elia tamin'ny fotoan-tsarotra ho azy manokana, taorian'ilay fifanatrehana teo an-tendrombohitra Karmela? 1 Mpanjaka 19:1-4
4. Ahoana no namalian'i Jehovah Andriamanitra an'io vavaka nataon'i Elia io? 1 Mpanjaka 19:5-18
5. Inona no ampianarin'ity tantara ity antsika momba ny vavaka sy ny momba ny toetran'Andriamanitra mamaly vavaka?

## B. Rehefa toa tsy mivaly ny vavaka

1. Inona no fanandramana valim-bavaka toa nampiandrasana an'i Elia mpaminany? 1 Mpanjaka 18:41-45
2. Indraindray ny valin'ny vavaka ataontsika dia "Tsia". Oviana Andriamanitra no nanao "Tsia" tamin'ny vavaka nataon'i Elia? (1 Mpanjaka 19:4).
3. Mizarà fotoana iray izay nahitanao fampiandrasana valim-bavaka na valiny tsia avy amin'Andriamanitra. Inona no nianaranao tamin'izany fanandramana izany?

## D. Lesona momba ny vavaka nataon'i Jesosy

1. Inona no toromarika fampiharana omen'i Jesosy momba ny vavaka? Matio 6:5-8
2. Ahoana no namalian'i Jesosy ny fangatahan'ny mpianatra mba hianatra hivavaka? Lioka 11:1-4
3. Manomboka amin'ny fiderana ny vavaka nampianarin'ny Tompo. Nahoana no anisan'ny ampahany lehibe amin'ny fotoam-bavaka ataontsika miaraka amin'Andriamanitra ny fiderana? Salamo 18:3, 100:4, 9:1-2, 92:1-2, sns.
4. Inona koa ireo singa manan-danja hafa hitanao ao amin'ny vavaka nampianarin'ny Tompo?
5. Inona no ianarantsika avy amin'ny tenin'i Jesosy ao amin'ny Matio 6:9?
6. Inona no ianarantsika momba ny vavaka avy amin'ny vavaka nataon'i Jesosy? Lioka 10:21-22; Jaona 11:41-42; Lioka 22:41-42; Jaona 17, Lioka 6:12, sns.

## E. Lesona fampiharana momba ny vavaka

1. Inona no ianarantsika avy amin'ny fananaran'ny apostoly Paoly momba ny vavaka? Kolosiana 4:2, 1 Tesaloniana 5:17; Efesiana 6:18
2. Inona ko any fampiharana hafa momba ny vavaka hitanao ao amin'ny Soratra Masina? Ezra 10:1, Nehemia 1:4-11, Daniela 9:3-19, sns.
3. Mizarà fotoam-bavaka iray izay nanan-danja manokana ho anao.
4. Inona no mety ho fiovan'ny fotoam-bavaka ataonao miaraka amin'Andriamanitra vokatry ny fianarana ataontsika anio?